Ny Valosoa sy hadihady

Raharaham-pirenena

Governemanta kitoatoa, fitondrana kitoatoa

Araka ny efa fantatra dia voatendry ny alahady lasa teo ny governemanta “vaovao” tarihan’ny Praiminisitra Ntsay Christian. Iray andro taorian’io anefa dia fahafaham-baraka ho an’ny mpitondra indray ny fanendrena minisitra vaovao vitsivitsy, hita fa tsy matotra sy tsy mahay mihitsy izao fitondrana. Governemanta najoro kitoatoa, kitoatoa mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao. Anisan’ny afabaraka amin’izany ny filohan’ny Repobika izay tompon’ny teny farany amin’ny fanendrena. Tsapa tokoa fa tsy mba nisy fandinihana na fanamarinana akory ny momba ireo minisitra ireo, fa tefy maika araka ny fanaon’izao fitondrana izao no niverina. Tsy izay ihany fa toa manambany ny Malagasy ho tsy misy manana fahaizana eo amin’ny sehatra fifandraisana amin’ny any ivelany, na tsy maharaka ny resaka diplomasia, satria dia vazaha, tsy mahay teny malagasy akory fa mitondra anarana gasy fotsiny no notendrena ho minisitry ny raharaham-bahiny. Porofon’izany rehefa nanonona ny anaran’ny filohan’ny Repoblika izy dia heno fa tsy gasy mihitsy, ka inona moa no hantenaina aminy eo amin’ny fifandraisana amin’ny firenena any ivelany, indrindra eo amin’ny fangatahana amin’ny frantsay ny famerenana ireo Nosy malagasy ? Ny tena zava-doza koa dia olona manao hosoka eo amin’ny làlana nodiaviny teo amin’ny fianarana sy asa natao (cursus, CV) no notendrena ho minisitry ny harena ankibon’ny tany. Araka izany dia azo antoka fa hanohy ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harempirenena indray izy. Soa ihany fa araka ny vaovao farany dia nahantona amin’izany andraikitra izany aloha ity olona ity. Na izany na tsy izany dia tomponandraikitra sady afa-baraka ny filohan’ny Repoblika, ka na tandrevaka na voafitaka izy tamin’ny fanendrena. Azo antoka ihany koa fa mbola hitohy ny ady anatiny eo anivon’izao fitondrana izao. Porofon’izany ny fanendrena minisitra lefitra ao amin’ny minisiteran’ny tontolo iainana, izay vao andro vitsy lasa no nitsikera sy nanenjika ilay minisitra tompon-toerana, azo inoana fa tsy hanaiky mora ny nataon’ity notendrena hiaramiasa aminy ity. Rehefa nandray fitenenana ny minisitry ny Toekarena sy Vola vaovao taorian’ny famindram-pahefana dia namaky bantsilana, fa nisy fanodinkodinam-bola tao amin’ity minisitera ity. Ny fanontaniana dia izy no sekretera jeneraly tao nialohan’ny fanendrena azy, ka toa mitombina ity fanambarana ity, satria nolazain’ny minisitra nesorina fa nalefa tany Atsimo ny vola natokana ho an’ny Antenimierandoholona, izay raha ny laläna momba ny fitantanana arabola no jerena dia tsy azo atao velively izany. Ny olana anefa dia nahoana no tsy tamin’irenyfotoana ireny dia efa nabaribary ho fanta-poko, fanta-pirenena izany toe-javatra izany? Ny andrasana dia ahoana ny ho tohin’ity raharaha ity, satria raha ny fanambaran’ny minisitry ny fitsarana vaovao dia tsy maintsy hiharan’ny sazy izay nanao hadalana. Raha nosoloina koa ny minisitry ny atitany izay fantatra tamin’ilay raharaha “écrans plats” dia ho sahin’izao fitondrana izao ve ny hanenjika azy, satria miendrika fanodinkodinambolam-bahoaka (détournement de deniers publics) izany. Ho sahy hijoro vavolombelona ve ny minisitra vaovao raha toa ka handalo fitsarana ny minisitra teo aloha, satria efa karazana fiampangana no nataony. Ny mampihomehy anefa dia ny minisitra vao notendrena ho ao amin’ity minisitera ity dia efa nitazona izany andraikitra izany tamin’ny tetezamita ary ny nampalaza azy dia ilay fifidianana Lalämpanorenana izay azo nampiasan’ny mpifidy karnem-pokontany. Azo eritreretina fa izany no anton’ny anitsakitsahan’ny mpitondra sy tsy anomezany hasina ity Lalämpanorena ity. Ity toe-javatra iray ity kosa dia azo antoka fa fanahy iniana, satria efa mitsinjo lavitra ny filohan’ny Repoblika eo amin’ny fanomanana ny fifidianana amin’ny taona 2023. Raha ireo tranga ireo no jerena dia izay tsy vitan’ny mpitondra nifandimby tao anatin’ny enimpolo taona tokoa dia ny ekipan-dRajoelina Andry no hanatanteraka azy, ary efa betsaka no vitany tao anatin’izay roa taona sy fito volana nitondrany izay. Aza malahelo maty voalavo ry Malagasy fa ny any an-tsaha mbola hiakatra, raha tsy hatao izay hamongorana azy dieny mbola hita fa marefo izy.

Andry Tsiavalona

Fredah Mahatavika, RMDM Toliara

Tsy hahavaha olana ireo ministra vao voatendry

Nivahiny tao amin’ny fandaharana Miara-Manonja tao amin’ny Radio Mada, sy tao amin’ny Radio sy ny Televiziôna MBS omaly I Fredah Mahatavika avy amin’ny RMDM: Rodoben’ny Mpanohitra ho an’ny Demokarsia avy any Toliara faritra Atsimo Andrefana, nambarany tamin’izany fa voafitaka ireo ministra 6 avy any amin'ny Faritanin'i Toliara, fa nentina hakana ny fon'ny olona, mba hanaronana olona iray atahoran'ny mpitondra dia i SITENY fotsiny izany, hoy izy. Tsy hahavita fahagagana ny ministra hoy ity mpanao politika ity, fa olona mpanompon'ny Filoha fotsiny, tsy hitondra ny hetahetan'ny vahoaka. Maika hahazo fahefana fotsiny ireo voatendry ireo. Tsy hamaha olana, fa raha nijery marina ny Faritanin’i Toliara ny mpitondra hoy izy, tsy niandry ela ny fampanantenana, toy ny building, ny fijerena ny fandriampahalemana. Noresahany ihany koa ny olan'ny JIRAMA izay tena midangana tokoa ny vidinjiro sy rano ankehitriny, ka mampihemotra ireo mpandraharaha. Ankoatra izany, nankasitraka ny filohan'ny RMDM, ny Filoha Ravalomanana izy, fa tena nahavita be tany amin'ny faritra atsimo tamin’ny nitondraany. Teo ny programa PSDR namorona asa ho an'ny tanora, ka tsy nironan'izy ireny tany amin'ny asa ratsy...

Isambilo

Fredah Mahatavika, avy amin’ny RMDM Toliara.

Lilongwe Malawi

Nahazo lesona tamin’ny Sadci DJ mpanongam-panjakana

Nipingapinga ery ity filohantsika namonjy ny fihaonana antampon’ny SADC faha-41 , na ny Vondrona ho amin’ny Fampandrosoana ny faritra Atsimon’i Afrika, notanterahina tatsy Malawi ny 16 sy 17 Aogositra 2021. Ny harivan’ny 15 Aogositra 2021, taorian’ny nanolorana ny anaran’ireo mpikambana vaovao tao amin’ny governemanta dia nisidina nihazo an’i Malawi Ingahy Filoha .Tsy nisy ny fihaonana tamin’ ny mpanao gazety talohan’ny niaingana, fa dia lasa tsy ankiteniteny sahala amin’ireny olona matahotra mosavy ireny, efa dila izy vao navoaka ny vaovao nanambara ny fandehanany.

Fihaonana antampony no natrehany, arak’izany dia filoha voafidimbahoaka ara-dalàna sy tamim-pahamarinana , filoha tsy tia hala-bato sy hoso-pifidianana avokoa ireo tonga nihaona. Ny SADC rahateo araky ny efa nahafantarantsika azy dia tsy nankasitraka ny fakana fahefana, tsy tamin’ny alalan’ny fomba demokratika toy ny niseho tamin’ ny 2009, notarihan’i DJ Andry Rajoelina, ka nahavoasazy antsika Malagasy, sy ny fifidianana feno “ doublon” nahavoafidy an’ Ingahy Filoha tamin’ny 2018 , mahatonga ny firenentsika tsy itokisan’iza n’iza .

Ireo filoham-panjakana sy lehibena governemanta, nandritra ny fihaonana an-tampony faha-41 ny Sadc tany Malawi.

Fa vao mainka nohamafisin’ny SADC tamin’ny alalan’ny fehinkevitra navoaka ny tsy fankasitrahana io fomba fakana fahefana tsy ara-demokratika io. Inoana fa tafiditra soa amantsara tao anatin’ny lava-tsofin’Ingahy Filoha ny fehin-kevitra navoaka ary azo antoka fa tsy maintsy mba menatra kely ihany izy, ny dikany nahazo lesona tamin’ny Sadc i DJ mpanongampanjakana. Nanatrika ny fihaonana an-tampon’ny Sadc ihany izy, nefa hatramin’izao tsy tanterahany ny fehin-kevitra ho fivoahana tamin’ny krizy teto Madagasikara tamin’ ny taona 2019 ireny dia ny fampihavanam-pirenena, sy ny fanonerana ireo rehetra simba fananana, noho iny fanonganam-panjakana nataon’ izy ireo iny. Andrasana ny fiverenan’Ingahy Filoha antanindrazana, ka asa na hiditra antsokosoko toy ny vahiny tsy manan-karatra indray Ingahy Filoha, na mba hahalala hitafa amin’ny mpanao gazety. Marihina fa fomba fanao iraisampirenena ho an’ny filohampirenena, ny mitafa amin’ny mpanao gazety isaky ny mivoaka any ivelany, sy rehefa tonga hiditra an-tanindrazana, satria volambahoaka no miantoka ny dian’Ingahy Filoha mandroso sy miverina, noho izany dia tsy maintsy manao tatitra amin’ny vahoaka tompom-bola ny filoha, ka ny mpanao gazety no misolotena ny vahoaka malagasy. Ny tsy fanaovana izany fa tonga dia tsotsorina amin’ny alalan’ny famoahana fanambarana an-tsoratra dia midika ho fanaovana tsinontsinona ny vahoaka niantoka ny sarandalana sy izay lany tany ivelany tany.

Ny Valosoa

TONONKALO

RY TANINDRAZANAY KARANA ?

Tsy ho tafavoaka intsony ireo ekipan-dRajoelina,
Fa vao mainka tena hihitsoka ao anatin`ny tonelina.
Tsisy tara-pahazavana hita mba manarangarana.
Haizina nampiana haizina no mitohy sy tsy mifarana.

Eny na dia hoe nalana ireo izay tena tsy mamokatra,
Tsy avotra ny lamasinina fa manao famindran-tsokatra!
Rehefa avy “nandohalika” tamin`ny andron`ny amiraly,
Dia “handady” ny vahoaka ka vao mainka koa hijaly!

Nodradraina fa hatao ny politikam-pitsitsiana,
Kanjo, indrisy, ny minisitra, toa vao mainka koa nampiana.
Be sahady ireo voatendry no voalaza ho be afera,
Ka voaenjika ao anaty tambazotran-tserasera.

Fidedahana no betsaka, `zay tsy atao no toa lazaina.
(Mihevitra an`ireo vahoaka ho bado sady kely saina!)
Puce n`omby sy drone, nodradraina ombieny ombieny.
Ho lany ringana ny omby ve vao ampiasaina ireny?

Ny mpangalatra, mpandroba, mpaka an-keriny ny tany,
Dia ireo olon`ny mpitondra sy vahiny hatrany hatrany.
Hatramin`ny hiram-pirenena no efa an-dalam-panovana
Mba hanjary lasa hoe “ry tanindrazanay karana”!

Izany izao no zava-misy ka ny maso no ahirato :
Fitondrana tsy izy intsony io na dia mbola ovàna injato!
Mijoroa, miraisa hina , tonga ny ora rey vahoaka.
Mila esorina haingankaingana ireo izay efa tsisy hapoaka!

TSIMIMALO (17-08-21)